## Mpikambana sy tanora TIM
## Mitety fokontany mampahafantatra ny kandidà Ravalomanana N°25 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 15 septambra 2018 Laharana 814 Vidiny : 400 Ar


**Isaia 61: 4** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 13 septambra 2018


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


### Filoha Ravalomanana N°25 2
# Tsindrin-daona hihaona aminy ny vahoaka




### Tia Tanindrazana sy Ny Valosoa 5
# Amin'ny 10 ora dia efa lany ny gazety any Mahajanga




### KANDIDÀ FANIRISOA ERNAIVO 3
## Tsy natao hanafenan-keloka ny fitondrana...



### Betroka 3
## Manjaka ny kidnapping na ny bohira

### Polisy Monisipaly (CUA) 6
## Miofana miaraka amina Polisy Monisipaly avy any Frantsa

### Tanora TIM Toamasina 2
## Nizara fitaovana ho an'ireo tanora hanala bacc

### Daka kely
Ny mpianatra indray no mahay noho ialahy ry Boaikely a !

### Minisitra Guy Rivo R. 6
## Nanome tanana hampandeha ny andrin-jiro ao Soavimasoandro



FILOHA RAVALOMANANA N°25

# Tsindrin-daona hihaona aminy ny vahoaka

Tsindrin-daona hihaona amin'ny Filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), kandidà N°25 amin'ny fifidianana filohampirenena ny vahoaka Malagasy. Toy izany no nitranga tany amin'ny faritra Menabe sy Vakinankaratra tamin'ity herinandro ity, efa ela ny tany amin'ireo faritra ireo no niandry an'i Dada, ka tafahoana ny tia sy ny manina. Toy izany no nitranga tany Mahabo, Morondava, Ankilizato, Ambatolahy, Miandrivazo, Anjomaramaritina, Mandoto, sns… Anio dia tsindrin-daona hihaona aminy



koa ny vahoakan'ny renivohitry ny faritra Vakinankaratra sy ny manodidina. Efa ela no niandrasana ny fihaonana anio any Antsirabe, ka ho masa-bary, maitikitoza io fihaonana io, hangoro-potsy ny faritra manoloana ny Garan'Antsirabe. Efa tsindrin-daona miandry ny kandidà N°25 koa ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo rahampitso alahady. Araka ny fantatra, ben'ny tanàna maro avy amin'ny firehana samy hafa no manohana azy amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny 7 novambra ho avy izao io. Antsiranana sy Toliara no mbola tsy tafahoana tamin'i Dada hatreto, araka ny fantatra, efa tsindrin-daona hihaona amin'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM koa ny frenivohitry ny faritra Atsimo Andrefana, sy ny renivohitry ny faritra Diana. Raha ny fanadihadiana natao, efa samy nilaza avokoa ny ankamaroan'ny olona tamin'ny faritra efa nolalovan'i Dada, eny fa na ny mbola tsy nolalovany aza, fa latsa-bato sisa, fa efa 1er tour dia vitan'ny Filoha Marc Ravalomanana io.

***Isambilo***

Mpikambana sy tanora TIM

# Mitety fokontany mampahafantatra ny kandidà Ravalomanana N°25

Nanao fidinana ifotony teny anivon'ireo fokontany maro teto Antananarivo Renivohitra ireo mpikambana ao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ireo tanora ao amin'ity antoko ity. Teny Mahamasina izy ireo ny alakamisy teo, nampahafantatra ny mponina ny maha-kandidà ofisialy an'Andriamatoa Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana izay hatao eto amintsika ny 7 novambra ho avy izao. Nanentana ny olona koa hanamarina ny anarany ao amin'ny lisi-



*Hetsiky ny TIM sy ny tanora TIM teny Mahamasina.*

pifidianana. Nitarika azy ireo tamin'izany ireo depiote TIM ho amin'ny Fanovana, notarihan'i Maitre Hanitra Razafimanantsoa, depiote TIM ho amin'ny Fanovana ao amin'ny Boriboritany voalohany sady filoha lefitry ny Antenimierampirenena. Ankoatra izany, ho fanapariahana ny haino aman-jery MBS manokana any amin'ny faritra, nanambara ny depiote Maitre Hanitra Razafimanantsoa tamin' ireo rehetra nihaona tamin'izy ireo, fa efa ampanaovana ny fifanarahana amin'izany ny tompon'andraikitra. Zo fototra ho an'ny rehetra ny fahazoana vaovao hoy ihany ny depiote Maitre Hanitra Razafimanantsoa.

***Helisoa***

DISTIM Boriborintany III

# Tsy misy ny andraso andraso ho fampandresena an'i Dada

Efa mivonona amin'ny fifidianana hampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana ho filohampirenena ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny boriborintany faha 3. Namory ny tanora Tiako i Madagasikara sy ny FokTIM ary ny tompon'andraikitra ao amin' ny boriborintany ny biraon'ny DisTIM ny faran'ny herinandro teo, tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko teny Ankazomanga. Tao anatin' izany no nanomanana ny paika rehetra entina hiatrehana ny fifidianana, teo ny fijerena ireo olona hiandraikitra ny biraom-pifidianana. Tsy misy intsony ny andraso andraso hoy ny DisTIM ao amin'ny boriborintany fa tonga dia asa avy hatrany.

***Helisoa***

Tanora TIM Toamasina

# Nizara fitaovana ho an'ireo tanora hanala bacc

Ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tarihan' ny filohany Marc Ravalomanana dia tsy manao ambanin-javatra ny lafiny fanabeazana nandritra ny 7 taona mahery kely nitondrány. Nataon'i Dada ho zava-dehibe ireo ankizy Malagasy nandranto fianarana tamin'izany. Tsy adinon'i Dada tamin'izany ny fanomezana lanja ireo mpampianatra mpanabe, satria misy fiantraikany ratsy eo amin'ny fampianarana raha sahirana amin'ny fiainana sy tsy ampy fitaovana ireto farany. Efa tokony ho lasa lavitra ity fanabea-



*Ireo mpianatra sasany nahazo fanampiana avy amin'ny antoko TIM Toamasina.*

zana eto Madagasikara ity, saingy nosomparan' ny fahavalom-pirenena mpanongam-panjakàna notarihan'i Andry Rajoelina. Vokatr'izany dia miezaka ny antoko Tiako i Madagasikara mba manala fahasahiranana ireo ray amandreny sy ny ankizy amin'ny fanaovana hetsika faradoboka cours maimaimpoana, sns... Ny tanora Tiako i Madagasikara any Toamasina dia nanao hetsika fizaràna fitaovana ho an'ireo mpianatra mpanala bacc any an-toerana tamin'ity herinandro ity. Tsy adinon'ireo mpitarika ny nirary soa sy nanome tso-drano ary nivavaka ho an'ireo mpianatra ny mba hametrahana ny fanadinana izay hataon'izy ireo eo ambanin'ny fahasoavan'Andriamanitra.

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Milofo hametraka ny olony eo amin'ny fitondrana ireo firenen-dehibe

Samy milofo fatratra amin'ny fitadiavana hirika ahafahana mifahatra sy mahazo toerana eto, eo amin'ny lafiny stratejika ankehitriny ireo firenen-dehibe tandrefana sy tatsinanana ary hatramin'ireo firenena manan-karena toy ireo tany arabo miozilimana koa aza. Iaraha-mahalala ny anton'izany na dia ezahin'ireo olona, mpanao politika na kandida filoham-pirenena sasany maromaro, miara-dia sy tohanan'ireo firenena ireo afenina na takonana mafy aza izany. Iray lehibe amin'izany ny fidadasik'ity Nosintsika ity sy ireo harena tsy hita pesimpesenina misy eto. Frantsa no mihevitra fa « haza » eo am-pelatananany sy toy ny « nofon-kena an-tanan-tsaka » i Madagasikara hatramin'ny taona 1896. Ankehitriny, miova ny seho jeopolitika maneran-tany ary samy mihazakazaka mifaninana mampitombo ny faritra ivelany tiany hiankina aminy sy mifamatotra aminy hahazoany tombontsoa bebe kokoa hampiakatra ny toekareny. I Madagasikara iray amin'ireo firenena amin'ilay tena tadiavin'izy ireo ankehitriny ary misy rahateo ireo olona azony ampiasaina amin'izany tsara. Fotoana iray izay hirika ahafahana manatanteraka izany tsara ny fifidianana kasaina hatao eto amin'ny firenena, ary samy mamolavola tsara ny olona kandida tohanany ny tsirairay. Ao anatin'izany tanteraka i Frantsa, iaraha-mahalala tsara izany.

Mampahatsiahy kely ny zava-nitranga tany amin'ny taonjato faha-19, indrindra tamin'ny andro nanjakan-dRanavalona I ny zava-misy ankehitriny izay. Samy nikaroka handrirotra an'i Madagasikara sy haka ity Nosy ity ho zanahiny ireo firenen-dehibe natanjaka tamin'izany fotoana izany. Hain'ny Mpanjakavavy io anefa no niala tamin'ny fandripandrika sy tetik'ady samihafa ary voafehiny ny fihetsik'izy ireo. Ankehitriny koa dia tena mila olona afaka hifehy ny teti-panoron'ireo firenen-dehibe mandroso sy matanjaka ireo izay mikasa hamahatra sy hikatsaka tombontsoa sy harena eto fotsiny ny firenena. Mazava loatra fa ireo kandida tohanan'izy ireo dia tsy hahafehy velively izany tanjony izany raha tonga eo amin'ny fitondrana. Ho lasa fitaovana fotsiny sisa ary voatery tsy maintsy hanaiky izay fepetra hapetrany. Tsy hisy tombontsoa ho an'ny firenena velively araka izany ny fahalanian'ny iray amin'izy ireo, fa ho fampahantrana ny vahoaka amin'ny lafiny samihafa aza. Mila mailo tanteraka araka izany amin'ity fifidianana indray mandeha ity ny vahoaka Malagasy amin'ny olona hofidiany homeny ny vatony, fa sao ho tonga amin'ny fanenenana tokoa any aoriana araka ny nambaran'ny FFKM. Izy nofidiana, ilay vaton'ny firenen-dehibe (pion) hanan-karena mitafotafo toy izay hita ankehitriny tao anatin'ny 10 taona latsaka kely lasa izay, fa ny vahoaka hifafa ny kihony.

***Sôh'son***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miangaly R**

Kandidà Fanirisoa Ernaivo

# Tsy natao hanafenan-keloka ny fitondrana…

**Manoloana ny raharaham- pitsarana nitranga tao ho ao, indrindra ny mikasika ny fahafahan- dramatoa Razaimamonjy Claudine tamin'ny raharaha nitazonana azy tany am- ponja, dia tsy hain'ny kandidà ho filoham- pirenena, Fanirisoa Ernaivo ny nangina fa nitsangana izy naneho ny heviny sy nijoro amin'ny finiavany hametraka ny fanjakana tena tan- dalàna eto Madagasikara.**

Nahazo fahafahana madiodio hoe i Claudine Razaimamonjy? Oviana moa izany Fitsarana izany? Mbola misy "dossier" maro itazonana azy sy ny namany fa dia hafahana madiodio daholo izany izy amin ireo ? Fanontaniana napetrak'ity kandidà ity ireo manoloana io raharaha iray io. Dia ianareo tokoa no eo amin'ny fahefana ka dia tena ataovy ary hoy izy nanampy. Raha izao no mitohy dia ho verivery foana ny volambahoaka, ary izay mangalatra akoho ihany no migadra na matin'ny fitsarambahoaka fa ny nanodinkodina volam-bahoaka afaka madiodio satria misy olona maro tena mpikirakira ireo "Subventions spéciales" ireo tsy nisy fanenjehana akory hoy hatrany ity kandidà ho filoham- pirenena ity. Tsy ekena izao hoy izy, ary mbola hisy farany io fanararaotam- pahefana io! Tsy ekena intsony ny tsy maty manota, tsy ekena ny fangalaram-bolam-bahoaka ary mendrika hosaziana ireo mpangala-bolam-bahoaka! Izay hoy i Fanirisoa Ernaivo no isan'ny nanosika ahy hirotsaka ho fidiana ho filoham- pirenena, hiadiana amin'ny tsy rariny sy ny fanamparam- pahefana ary ny fanitsakitsahana ny tany tan-dalàna eto amintsika! Ankoatra izay, nametrahany fanontaniana koa ny mikasika ny fiantsoana ny kandidà iray momba ny raharaha iray izay tokony ho niseho ny 07 septambra lasa teo. Mila manana etika politika isika hoy izy, koa raha misy ny fanenjehana ara-keloka indrindra momba fanangonankarena tsy ara-drariny dia tokony hampiseho fahendrena tsy mirotsaka ho fidiana mbola hitantana ny Firenena ! Tsy natao hialokalofana ny Fitondrana ka sanatria mieritreritra fa rehefa tonga eo dia ho foana ireny fanenjehana ireny hoy izy hentitra dia hentitra. Mila mahalala ny tena marina momba ireo fananana azo tamin'ny tsy rariny koa isika malagasy hoy izy nanampy ary notakiany raha tsy misy porofo fa nanodinkodina volambahoaka i Claudine Razaimamonjy sy ny tariny.



*Ny Valosoa*

Minisitra Guy Rivo R.

# Nanome tanana hampandeha ny andrin-jiro ao Soavimasoandro

Tsy manadino ny boriborintany faha-5 ny depiote teo aloha Guy Rivo Randrianarisoa, fa manatanteraka ny fampanantenana nataony tamin'ny mponina ao amin'ny boriborintany faha-5 hatrany, na lasa minisitry ny indostria aza ny tenany. Maizina tanteraka ny fokontany Soavimasoandro araka ny nambaran'ireo mponina, nahita izany ity depiote teo aloha ity dia avy hatrany naniraka ireo mpiaramiasa aminy nijery ifotony ny antony tsy mampirehitra ireo andrin- jiro izay mahatonga ny tsy fandriampahalemana eny an-toerana. Ankehitriny, mirehitra ny andrinjiro miisa 80 ao amin'ny fokontany Soavimasoandro, Mahatony, noho ny fanomezan'ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa : ampoules, douilles, câbles sns... hampirehitra azy no nomeny. Efa nisy ny fokontany maromaro efa mirehitra jiro amin'izao fa ezahana ny hampirehitra ny andrin-jiro amin'ny fokontany rehetra ao amin' ny boriborintany faha-5 miisa 27 araka ny fanambarān'ny minisitra hatrany.



*Helisoa*

Faritra Anôsy

# Mahazo sehatra ny fanambazana moto sy bisikileta

Mbola mitohy ny pi-maso ataon'ny lehiben'ny faritra Anôsy Razafimaharo Tanjaniaina Pierrot an' ireo sefo fokontany sy ben'ny tanàna any amin' iny faritra iny. Tombanan'ny maro fa efa fanehoan-kevitra miendrika ho fanambazana ireo mpitarika eny rehetra eny izany. Tsy vitan'ny manome bisikileta sy moto fotsiny fa mbola manentana ny tokony hifidianana kandida iray izy amin'izany. Raha pré-campagne no ataony, efa tena miendrika fampielezan-kevitra sahady rehefa tazana ihany koa ny teritery ataon' ireo tompon'andraikitra sasany eny anivon'ny sampandraharam-paritra. Mandalo ireo mpilatsaka hofidina samy mihazakazaka manao fampielezan-kevitra ankolaka avokoa. Mizara fitaovana maro. Mpiasampanjakana izy ireny, tsy tokony hanao izany fampielezan-kevitra izany: efa nisy ny didy mandrara azy ireo. Mbola tazana ireo voalaza anarana etsy ambony ireo, manery ireo olony mba hifidy ireo lazaina fa mpiasam-panjakana.

*Mangarahara*

Betroka

# Manjaka ny kidnapping na ny bohira

Fomba moderina indray no ampiasain'ny dahalo any Betraoka faritra Anôsy. Efa tsy manao fanafihana sy fandravana omby eny an-tsaha na koa amin'ny andro alina no ataon'ireo dahalo, ny fakana an-keriny olona indray no ataon'izy, antsoina koa hoe kidnapping na bohira ahazoana vola na omby. Alain'ireo dahalo an-keriny ny zanak'ireo mpanankarena omby: mpianatra, na koa ny fianakaviany, avy eo dia angatahany volabe na omby manodidina ny 10 tapitrisa Ar na koa omby manodidina ny 70 na 100 mihintsy ilay ray amandreny, mamepetra ireo mpaka ankeriny na tsy hampandrenesana ny mpitandro ny filaminana, ary rahonan'izy ireo ho vonoina ilay takalonaina. Raha ny tao Betroka tao anatin'izay roa volana izay dia manodidina ny 7 no niseho, ny roa tamin'ireo dia vola avokoa no notakiany fa ny sisa kosa omby. Hatreto aloha, tsy mbola nisy nipika avokoa ny raharaha, tafaverina ireo nalaina an-keriny, ireo omby very nanjavona, nanaiky ny takalo avokoa ireo niharan'ny tranga. Ankehitriny, manao ezaka ireo miaramila natao hiady amin'ny dahalo napetraka any an-toerana saingy olan' izy ireo ny fahaizana ny fomban-tany, ka mananosarotra ny fifankahazoana. Mifandrindra amin' izany koa ny ataon'ireo mpiara-miombon'antoka any ivelany dia ireo miahy ny ara-tsakafo sy ara-alifabetika, ny fahasalamana sy ny sisa maro, satria isan'ny antony mahatonga ny asan-dahalo ny fahasahiranan'ny mponina any amin'iny faritra atsimo iny.

*Serge*

## NY TENY FIAINANA



*Galatiana 3:22*

*Fa ny Soratra Masina efa nanidy azy rehetra teo amin'ny fahotana, mba homena ny mino ny teny fikasana noho ny finoana an'i Jesosy Kristy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Maro ny asa miandry ny kandidà Ravalomanana N°25 amin'ny fahalaniany




**Andraya Andraya :** maro ny asa miandry ny kandidà Marc Ravalomanana N°25 amin'ny fahalaniany (ireo amin'ny sary). Ireo asa ireo dia miainga avy any amin'ny commune miparitaka any amin' ny fokontany ny asa.

**Har Ta :** ampio famoronana asa, vitan'i Dada izany, mpamorona izy fa tsy mpandrava toa ny sasany.

**Narindra Rakotondrazafy :** Ok, vitan'ny filoha Marc Ravalomanana avokoa ireo asa be ireo, izy ihany no hametrahana ny safidy.

**Jenny Rakotozafy :** vitanao tsara ireo prezidà a! tohizo hatrany ny lalantsika e!

**Ange Noro :** ok! Vitanao tsara ireo ary vonona hanampy hatrany ny vahoaka.

**Benja Randriamalala :** finaritra... mafy ny asa, soa fa eo Jesoa hitantana hatrany ny kandidà N°25.

**Rys Mel Nary :** Andriamanitra anie hahatanteraka izany rehetra izany amen!

**Landy Ralaivao :** ok N°25, vita tsara daholo ireo, ny tena ho zava-dehibe dia hiverina amin'ny laoniny amin'izay ny fandriampahalemana satria ho maro ny asa hiforona. Hain'i Dada tsara izay famoronana asa maro izay.

**Julien Rahasimanana :** asa fa tsy kabary ny an'ny Filoha Marc Ravalomanana ary izay lazainy tsy maintsy ho tanterahany, toy izany koa ny hetahetam-bahoaka ho tanterahany.

**Damien Rasolonjatovo :** hiverina amin'ny laoniny ny fiainan'ny Malagasy amin'ny 2019, satria hiverina eo amin'ny fitondrana ny filoha Ravalomanana, rehefa naongan'ny mpanongam-panjakana 10 taona lasa izay, tamin'ny taona 2009.

## TONONKALO

### Izay mifidy an`ireo dia boka…

Hisy indray ny sinema hidiram-potsiny ato ho ato,
Fa hilahatra hifaninana ry zareo mpangala-bato.
Dia hiseho ho mpifandrafy, modimody hifamaly,
Kanjo tsy hafa fa ny foza mpiara-dalana omaly.

Tsy dia hoe ny vaovao fa mbola ny tarana-poza
Izay nanimba sy nandrava sady nahavanon-doza,
Kanjo mbola te hiverina izy ireo sy ny akolitany,
Ary asa re isika raha dia mbola ho voafitany !

Tapi-dalana izy mantsy, tsy any ny fanalahidy,
Ka ezahiny hozaraina indray ny vaton`ny mpifidy.
Re fa hisy ny hala-bato sy hevi-petsy sadasada.
Tsy azony tohaina mantsy ireo mpanohana an`i Dada !

… Hisy indray ny sinema izay hampatory anao mijoro,
Ka dia tena ho gaga ianao raha tonga ny "2e tour".
Aoka ho mailo ry mpifidy k`aza mety ho sodoka,
Iataho ireo olona mpandrava, izay mifidy ireo dia boka !

*DADAN`i ZINA (12-09-18)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny antoko TIM ao amin'ny Boriborintany faha-3 nanomana ny fifidianana tao amin'ny foiben-toerany, Ankazomanga.**













## Sakafo Ny Valosoa



Saucisse sy tsiasisa indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana koa miraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Mbola ny soa azo avy amin'ny karibonetra

Mbola ny soa azo avy amin'ny karibonetra ihany no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
-Ny hidihidy, ny mony, fivontosana kely amin'ny hoditra: afangaroy amin'ny rano kely ny karibonetra ho lasa toy ny « pâte » , io no ahosotra ny faritra mangidihidy na ny mony .
-Ny havizanan'ny tongotra : alona ao anaty rano mafana tsara an-koveta izay nasiana karibonetra 3 sotro lehibe .
-Ny helika: tampohina rano sahaza azy ny karibonetra ka io no ahosotra ny helika ho solon'ny alamo.
-Ny makafoka vokatry ny fisotroana toaka: maka rano matimaty eran'ny vera tampohina karibonetra antsasaky ny sotrokely , io no sotroina.
- Ny rano handroana: andramo afangaro manokana ary ny Karibonetra 2 sotro lehibe, sira 2 sotro, miampy menaka manitra. Angalao 1 sotro lehibe io fangaro io ka ataovy anaty rano handroanao. Hampitony anao izany ary hampalama tsara ny hoditrao. Ankoatra izany dia hampihena ny fisian'ny tsatsakaotra koa izany.
-Ny hanalefahana tarehy: asio tsongo–na karibonetra ny menaka fihosotrao ny tarehy ary afangaroy tsara ao anaty fela-tanana izany alohan'ny hihosoranao ny tarehy aminy. Somary horina moramora ny tarehy ary kobanina amin'ny rano mangatsiaka izy avy eo. Io fomba fanadiovana tarehy io no manome aina vao ny hodi-tava ary hampamandimandina tsara azy.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Antalaha any amin'ny faritra Sava



Ny tanànan'Antalaha any amin'ny faritra Sava indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina andrenivohitra ny tanànan'Antalaha. Antalaha no nantsoina hatramin'izay ho renivohitra eran-tanin'ny lavanila satria hatramin'ny taon-jato faha-20 dia saika ny 50% ny vokatra lavanila teto amin'izao tontolo izao dia nivoaka tany Antalaha avokoa. Manana seranan-tsambo Antalaha, manana seranam-piaramanidina ihany koa ao Antsirabato. Misy fanamboarana botry koa ao amin'ity tanàna ity. Toerana fiaingana mankany amin'ny valan-javaboaharim-pirenen'i Masoala any Maroantsetra koa ny any an-toerana.

## Isaia 61: 4

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 13 septambra 2018

***Isaia 61: 4*** "*Koa hatsangana ny efa rava hatry ny fony fahagola, ary hamboarina ny efa lao hatramin'ny fahiny, dia hohavaozina indray ny tanàna rava, Izay efa lao hatramin'ny taranaka lasa ela.*"

Mbola tsy tapitra ny tantaran'i Jaona sy ny momba azy. Mazava tsara aminareo izany ry mpihaino sy mpamaky fa misy antony ny fisianao ambany masoandro. Hoy AHO teo aloha : IZAHO Ilay Mpamorona no faly voalohany indrindra raha vao misy zaza mitsaika ka teraka soa aman-tsara ka velona sy miaina amin'ny Teniko amin'ny Heriko ary mahita sy manaja izay nohariako. Tandremo fa tsy misy mahay olombelona ianareo fa asan'ny tanako avokoa ianareo, ***I Mpitoriteny 11: 5***. Ekeo fotsiny hoe IZAHO JEHOVAH no mpanao ny zavatra rehetra. Fantatrao??? Tany an-kibon'i Maria Virjiny JESOSY dia indro efa niteny sy nilaza ny anarany sahady ny anjely, ***Matio 1: 21***, efa voalaza sahady ny asany fa hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotana izany hoe ny fanahy mihitsy no ho sitranina sy ho afahana. Toy izany koa i JAONA, tonga teo amin'i Zakaria ny anjely ka hoy izy, ***Lioka 1: 13-14***. Efa nolazain'ny mpaminany koa izay hiavian'i JAONA sy ny asany ka dia faly ny olona teo ampiandrasana ny fahaterahany, sady efa nofenoina ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny izy mba hahavitany ny asa miandry azy. Izany hoe hamerina amin'ny laoniny izay rava sy potika, ***Lioka 1: 17*** . Ianareo koa, mifalia amin'ny zaza dia ny taranaka omeko anareo fa tsy fantatrareo ny antom-pisian'izy ireny ambonin'ny tany. Hoy ny Teniko, ***Isaia 62: 2-3*** "*Ny firenena hahita ny fahamarinanao, ary ny mpanjaka rehetra hahita ny voninahitrao; dia homena anaram-baovao ianao, Izay hotononin'ny vavan'i Jehovah; Ka dia ho tonga satro-boninahitra eo an-tànany ianao sy satrok'andriana eo am-pelatanan'Andriamanitrao*". Fantaronareo izao Teniko izao: vao mitsaika ao am-bohoka ny zaza dia efa misy lalana sy hevitra itondrako azy. Izany no antony anomezanareo sy amoronanareo anarana ho azy sahady. Indrindra fa rehefa voafaritra izay lalany ho ahy sy ny fanompoany an'i JESOSY dia omeko anaram-baovao izy, toa an-dry Abrama= Abrahama, Saray=Saraha, Jakoba=Israely. I JAONA izany dia efa voafaritra hatrany am-bohoka koa ny anarany sy ny asany. Ny zavatra rehetra izany dia misy dikany sy heviny avokoa. Efa nambarako taminareo hoe : inona moa ny hevitr'ireo zava-nitranga taminn'i JESOSY. Noforana JESOSY , ***Lioka 2: 21***, noforana koa i JAONA, ***Lioka 1: 59***. Teo amin'ny faha 12 taonany i JESOSY dia nentina niakatra tany Jerosalema, nihaino fampianarana sady nanontany ireo mpampianatra teo an-kianjan'ny Tempoly. Hoy Izy raha nanontanian'ireo ray sy reniny fa nitady azy izy ireo, ***Lioka 2: 49*** "*Nahoana no nitady Ahy ianareo? tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto an-tranon'ny Raiko Aho?*", ***Lioka 2: 52***. Ary JAONA nitombo saina sy tena ary nandroso fitia teo anatrehako JEHOVAH sy ny olona. Nataon'i JAONA Batisan'ny Rano i JESOSY, ***Matio 3: 13-17***. Teo no nilazako sy nanaporofoako tamin'izay nanatrika teo fa IZY dia ZANAKO nampidinina avy aty andanitra. Nanaiky natao Batisan'ny Rano IZY na dia tsy mpanota aza. Hoy IZY tamin'i JAONA fa izy tsy nety nanao Batisa AZY, ***Matio 3: 15*** "*Ekeo ihany ankehitriny, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Ka dia nekeny Izy*". Vita ny Batisany dia nanomboka ny asany i JESOSY. Ny momba an'i JAONA koa dia zava-miafina, raha tsy izany tsy toy izao ianareo. Rehefa 12 taona koa i JAONA dia toy izao ny zava-nisy, ***Lioka 1: 80***. Rehefa 12 taona i JAONA dia nentin'ny Fanahy Masina nankany an'efitra ka nipetraka irery tany izy, nampianarin'ny FANAHY MASINA ny FAHAMARINANA sy nanambarana ny asany mba hamonjena ny olona hiverina AMIKO. Nampahafantarina azy ny momba ny FANJAKAN'NY LANITRA. Ny anjara toriteniny, ny fampianarany ny amin'ny FIBEBAHANA no hahatanteraka izany TENY FIKASANA izany. JAONA koa dia natao Batisan'ny Rano fa raha tsy izany tsy vitany io ASA fanaovam-Batisan'ny Rano ny olona io, io asa fampiekena heloka io dia ny Batisan'ny Fibebahana mba handraisana famelan-keloka izany. Tsy dia mba nisy loatra ny filazana ny momba an'i JAONA. Rehefa feno 21 taona i JAONA dia nentin'ny Fanahy Masina tao anatin'ny ranon'i Jordana. JESOSY kosa dia 3 andro tao am-pasana. Nalevina tao anaty rano i JAONA nandritran'ny 3 andro, anjely no niandry azy tao, anjely koa no niandry ny fasan'i JESOSY. Raha tao anaty rano i JAONA dia natory nitsotra toy ireny efa maty ireny ny nofony fa ny fanahiny kosa nakarina taty ambony nampahafantarina ny asa miandry azy, ny anjara asany sy ny an'i JESOSY. Izany no nahalalany hoe, ***Lioka 3: 16***, ny ahy Batisan'ny Rano ihany fa Ilay ho avy ao aoriako no Mahery noho izaho, IZY no hanao Batisan'ny Famelan-keloka sy ny Fanahy Masina ary ny Afo, ary mbola hanavaka ny vary sy ny tsiparifary, ***Matio 3: 12***. Rehefa feno 3 andro tao ampasana i JESOSY dia nitsangana tamin'ny maty ary nankaty an-danitra nanomana toerana ho an'ireo voavonjy fa i JAONA indray rehefa feno 3 andro tao anaty rano fa ny rano dia tandindon'ny fasana dia natsangan'ilay anjely, niandry azy izy ary tsy niakatra toa an'i JESOSY izy fa navoaka teo amin'ny tany ihany hanomboka ny asa ka hoy izy, vakio ***Lioka 3: 3-6***

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## TAFATAFA

## Gazety any Mahajanga

# Tia Tanindrazana sy Ny Valosoa, amin'ny 10 ora dia efa lany

***Fanehoan-kevitr'i Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany.***

Efa iarahan'ny rehetra manaiky fa hirosoana ny fifidianana mba ho fanajana izay voalazan'ny lalampanorenana hoy izy, eny, na dia mbola maro aza ny olana tokony hovoasana manoloana an'izany; eo koa ireo izay manolotra sosokevitra hafa tsy sahala. Tsy sanatria manamaivana na koa manao tsinontsinona ny hevitr'ireny olona ireny fa efa ny firosoana amin'ny fifidianana izany izao no laharam-pahamehana eto amin'ny firenena koa ndeha atodika amin'izay ny saina aman'eritreritra. Marina tokoa, ary efa mba ambetindresaka teto amin'ny gazety ihany, fa maro ny fanontaniana ilàm-baliny sy ny zavatra sadasada manan-tsoratra mahakasika ity firosoana amin'ny fifidianana toa atao amboletra ity, indrindra ny toa fitsabahana lalina ataon'ny sehatra iraisam-pirenena, saingy efa izay izany no tapaky ny be sy ny maro koa ndeha hiaraha-manatontosa sy manatanteraka e! Betsaka tokoa ny fanovana sy ny fanarenana ifotony tokony hotanterahana eto Madagasikara amin'ny lafiny rehetra saingy toa tsy vahaolana intsony tokoa ny hirosoana amin'ny tetezamita sao hanjary tetezamiitatra indray. Marina fa tena tsy tonga lafatra io lalampanorenana iainantsika ankehitriny io saingy io aloha no misy dia io no iainana. Ekena fa tsy mbola mipetraka mazava tsara ny lalàna rehetra tokony hifampifehezana mialoha sy mandritra ary ao aorian'ny fifidianana, izay tokony ho ekena sy ankatoavin'ny herivelona rehetra, saingy tsy ny famirapiratry ny lalàna angamba no hampanjary ny fifampifehezana eto anivon'ny fiaraha-monina fa ny fanatanterahana sy ny fanajana izay kely misy. Betsaka ny zavatra tena mbola mila fanarenana saingy raha ny fahasahiranana lalina mihàtra sy mianjady amin'ny firenena ankehitriny dia tsy hanam-potoana lava amin'izany intsony isika fa aleo aloha hirosoana izay voalazan'ny lalampanorenanana dia izay mpitondra lanim-bahoaka eo no iangaviana sy italahoana mafy mba hanatanteraka an'izany araka izay azony atao. Ny fanontaniana goavambe mipetraka dia izao : "Tena mpitondra ho lanimbahoaka tamin'ny alalan'ny fifidianana madio sy mangarahara tokoa ve no hipetraka eo sa mpitondra vokatry ny halatra sy fanodikodinam-bato ary ny tery vay manta ataon'ny mpitondra fanjakana sy ireo manam-pahefana ary ny sehatra iraisam-pirenena?" Io fanontaniana lehibe io no tokony hiarahantsika mianakavy misoroka sy mitady vahaolana dieny izao. Io resaka halatra sy fanodinkodinam-bato ary familiana ny safidim-bahoaka io no isan'ny mbola mampikorosy fahana ny firenentsika hatramin'izao. Tsy ilay mpitondra tena nofidian'ny vahoaka no tonga eo amin'ny fitondrana, hany ka tsy misy fampandrosoana mandeha amin'ny laoniny. Ny mpitondra zara raha mitsinjo vahoaka fa ny hangoron-karena sy hameno ny paosin'izy mianakavy no mahamaika sy mahadodona azy, ny vahoaka koa manary toky sy very fanantenana tanteraka fa tsy mahatoky ny mpitondra azy, hany ka zary miraviravy tanana amin'ny fandraisana andraikitra rehetra. Antso avo àry no atao amintsika mianakavy, samia mba tapa-kevitra amin'izay hanavotra ity firenena malalantsika rehetra ity! Samia mijoro isika rehetra, aoka hifanome tanana hanara-maso ny fifidianana. Raiso ny adidy, tongava mifidy. Tena zava-doza ho an'ny firenena ny tsy fahatongavanao mifidy. Tsy lavina fa efa tena mankaleo ny hafitsok'ireo mpanao pôlitika Malagasy, ny hala-bato ihany koa toa saropongorana, saingy ny fahaizantsika rehetra mijoro ny mamosaposaka ny marina ihany no ahafahana misoroka an'izany. Misy milaza fa any Amerika izay firenena matanjaka indrindra eto ambonin'ny tany aza misy hala-bato mainka fa eto Madagasikara izay firenena isan'ny mahantra indrindra! Tsia! Nanjaka ny hala-bato satria tsy sahy nijoro isika rehetra, tsy tonga nifidy isika rehetra, jamban'ny vola isika rehetra... Misy amin'ireo kandidà no efa manangana ny teti-panorony sahady hiroso amin'ny "Plan B" satria fantany fa tsy ho lany amin'ny tena safidimbahoaka marina izy. Dia hampiasa ny herin'ny vola sy ny fahefam-panjakana eo an-tanany ka hamoriporitra ireo mbola bado sy marefo eto amin'ny firenena. Tsy izay vola kely hahazoan-tsakafo in-telo manokona monja raha be indrindra re ry Malagasy malala no hanaovana sorona ny taranaka fara-mandimby. Diniho tsara izay hofidiana dia sahia mijoro amin'ny safidy nataonao. Tena mampahonena i Madagasikara ka mila vonjy! Samia ary sahia mijoro! Mitodika manokana amintsika mpanohana an'i Dada Marc Ravalomanana ny tenako. Tokana ihany no tanjontsika rehetra dia ny hamerina an'i Dada eo amin'ny fitondrana. Aoka hiray hina tsara isika rehetra, hiray fo sy saina fa hipetraka ho tantara izao ezaka iarahantsika mianakavy misalahy sy manatontosa izao. Isika no ho sambatra voalohany raha toa ka avotra soa aman-tsara ihany i Madagasikara malala. Tsy isika indray sanatria no hanao mpitaribato vilam-bava ka hafa no hambaran'ny vava, hafa no ataon'ny tanana. Tsy isika no hitsivalam-pandry ka hifanipaka toa valala an-karona fa ny fíraisan-kina ihany no hery. Aoka hijoro ho fitaratra isika zanak'i Dada rehetra. Aza finaritra sy faly ary fatra-pila tambiny rehefa manao ezaka fa na ny Tompontsika aza efa nilaza fa mendrika ny karamany ny mpiasa, tonga ho azy izany tambiny izany rehefa miezaka manao ny tsara mandrakariva isika. Tambiny lehibe tsy hita noanoa ho antsika rehetra ny fahitana an'i Gasikara tafita sy mandroso. Afaka mirehareha amin'ireo taranaka faramandimby isika rehetra any aoriana any raha toa ka mba nisy anjara biriky napetratsika teto amin'ity firenena tena fadiranovana sy tena mampahonena ary efa tena trotraka sy torovana ary valalanina tanteraka ity. Farany, tsy maharaka ankehitriny ny gazety "Tia Tanindrazana" sy ny gazety "Ny Valosoa Vaovao" eto Mahajanga fa raha vao taran'ny amin'ny folo ora maraina dia efa tsy mahatratra intsony. Porofo mitohaka amin'ny tenda izany fa tena mbola mamim-bahoaka i Dada Marc Ravalomanana aty Boegny. Efa azontsika ny fandresena saingy tsy mbola afaka misioka aloha fa tsy mbola tafavoaka ny ala. Samia sy sahia mijoro hiaro io tombony efa eo an-tanantsika io isika rehetra.

***Nangonin'Isambilo***

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe teny ambany tetezan'i Behoririka

Nanao ezaka fanadiovana manokana nanodidina ny teo ambany ny tetezan'i Behoririka omaly maraina ny avy ao amin'ny boriboritany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay notarihan'ny Sefo tekinika ny boriboritany. Ny anton'izao fanadioavana izao dia hita fa tena maloto ny toerana izay feno pipi sy kaka an'ireo 4-mi sy ny mpandalo ary ny mpivarotra manodidina tsy mieritreritra. Misy koa ireo olona manary fako sy ranontany hoy ny tompon'andraikitra teny an-toerana. Araka izany dia nisoroka sy namafa ny maloto rehetra teny ny ekipan'ny mpanadion'ny boriboritany fahatelo. Mampitandrina an'ireo olona mpandoto eny an-toerana ny boriboritany fahatelo, fa hisy ny fepetra izay ho raisina ho an'izay mbola minia manao izany. Marihana fa indray mandeha isan-kerinandro ny boriboritany fahatelo dia mijery ireo faritra tena maloto, ka hanaovana fanadiovana faobe hiarahana misalahy amin'ny ekipa rehetra.



***Helisoa***

Polisy Monisipaly (CUA)

## Miofana miaraka amina Polisy Monisipaly avy any Frantsa



Miatrika fiofanana ao anatin'ny andro maromaro ireo polisy monisipaly an'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), fiofanana izay tafiditra indrindra amin' ny vinan'ny Ben'ny tanàn'Anananarivo renivohitra Lalao Ravalomanana dia ny hanatsarana hatrany ny asan'ireo Polisy monisipaly eo amin'ny fitandroana ny filaminana sy ny fandrindrana ny fifamoivoizana. Polisy monisipaly Malagasy iray miasa any frantsa no tonga mizara ny traikefany amin'ny Polisy Monisipalin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra araka ny fanazavana nomen'ny chef de corps ny Polisy Monisipalin'ny CUA, Kaomisera Ratolojanahary Mahefa Ny Avo, nandritra ny fanokafana ofisialy izao fanofanana izao ny alakamisy teo. Teknika maro no zaraina amin'ireo Polisy Monisipaly ireo, eo ihany koa ny fampahafantarana ny andraikitr'izy ireo. Mitarika ny fanofanana ny Polisy Monisipaly Malagasy iray miasa any Frantsa, Saïd Soulé Rakotomanana. Ankoatry ny fizarana traikefa dia nisy ihany koa ny fampitaovana ny Polisy Monisipalin'Antananarivo avy any Frantsa toy ny fanamiana.

***Aly***

Boriboritany faha-4 (CUA)

## Nandamina ireo mpivarotra amoron-dalana teny Namontana

Nohon'ny toromarika avy amin'ny lefitra voalohan' ny ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra (CUA), ny kolonely Ramboasalama Emilien, ary nohon'ny fahitana fa maloto sy mikorontana ny tsenan'i Namontana sy ny manodidina, dia nanala ireo mpivarotra amoron-dalana sy nandamina ny tsena, ny ekipan'ny Boriboritany faha- efatra sy ny avy ao amin'ny Intendance na ny fiadidiana ny Lapan'ny Tanàna. Nesorina avokoa ireo mpivarotra izay mivarotra ivelan'ny tsena, izay tokony hiala tamin'ny fito maraina isan'andro. Marihana fa ny "Association Filamatra" no manadio ny ivelan'ny tsena isan'andro, nefa nohon'ny fipetrahan'ireo mpivarotra eo amin'ny sisindalana dia tsy afaka manatanteraka ny asa andavan'androny izy ireo, izany indrindra no nahatonga izao fandaminana izao. Mba hampaharitra ny filaminana dia hitohy izao hetsika izao, ka hatao indroa isan-kerinandro. Rahampitso dia anjaran'ny tsenan'Ankadimbahoaka indray no halamina. Rehefa vita izany rehetra izany, dia hatomboka ny fanadiovana faobe eny amin'ny faritra iny.



*Ny fandaminana nataon'ny CUA teny Namontana.*

***Aly***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy. Efa sokafana ny ampahan'ny lalana Petite Vitesse. Izao ny ben'ny tanàna miezaka hatrany mandamina ny fifamoivoizana @ alalan'ny fitadiavana vaha olana @ fitohanana sy ny fanesorana ireo mpivarotra mameno ny lalan'ny mpandeha tongotra eny @ petite vitesse, fa ny mampalahelo dia misy foana ireo mitsivalana hamelezana sy hanaratsiana an'i Neny ka ho lazainy indray fa mandroaka ny madinika tsy avela hitady vola... Rehefa tsy lany ben'ny tanàna ny anareo fa soa ihany koa dia aza manao alahelon-kanina fa raha i Lalatiana no lany teo angamba dia loza no nahazo... Ny vavany koa mety tsy hikombona intson fa efa zatra mitatatata toraka voninkazo an'i Mme le maire sy ny mpiara- miasa rehetra ao @ commune Antananarivo amin'ny ezaka ataon'izy ireo eto an-drenivohitra.

***Mami Ranirison***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

Boriboritany faha-4 (CUA)

## Nanome cours faradoboka maimaimpoana ho an'ny mpanao bacc koa

Araka ny toromarika azo avy tamin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Ramatoa Lalao Ravalomanana, dia nandray andraikitra ny boriboritany faha efatra nanome fampianarana cours maimaipoana Faradoboka ho an'ireo ankizy mpianatra izay hanala ny fanadinam-panjakana « baccalauréat » izay hanomboka ny alatsinainy ho avy izao. Izany cours maimaimpoana Faradoboka izany dia nampitondraina ny lohateny hoe « Sopapa farany ». Ny tanjona amin'izao hetsika izao dia ny mba hanampiana ireo mpianatra amin'izao ankatoky ny fanadinana izao, ary indrindra mba hananan'ny tanora mpianatry ny tanànan'Antananarivo fari-pahaizana tsara. Araka izany dia nomena ireo ankizy ireo ny fahalalana ampy sy sahaza azy amin'izao cours Faradoboka izao hahafahany miatrika soa amantsara ny fanadinana baccalauréat amin'ny herinandro ho avy io. Marihina fa notsongaina manokana ireo mpampianatra nampita fahalalana, ka ny taranja fototra ho an'ny sokajy A no nosafidiana hampitaina amin'ireo ankizy.

***Aly***



*Ireo mpianatra sasany miatrika ny cours maimaimpoana faradoboka ao amin'ny Boriboritany faha-4.*

Baolina kitra

## Ny 21 septambra no famaranana ny Futsal karakarain' ny CUA

Ny zoma 21 septambra ho avy izao no hotontosaina ao amin'ny kianja Mitafon'i Mahamasina ny famaranana ny lalao foot à 7 fantatra amin'ny anarana hoe Futsal, izay karakarain'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Lalao maromaro no ho hita ao mandritra izany ; hanombohana ny hetsika ny dihy mirindra Zumba. Aorian'izay ny fiadiana ny laharana faha-3 fair-play na ny 3ème place fair-play, ka ny DTMU hifandona amin'ny 5è Arrondissement, arahin'ny fiadiana ny laharana faha-3 na ny 3ème place, hikatrohan'ny DCVC Sport sy ny DRH . Manarak'izany ny lalao famaranana fair-play, ny 4è Arrondissement hifandona amin'ny Espace Vert. Avy eo ny lalao famaranana lehibe ho amin'ny tompon-daka, ny 1er Arrondissement hifampitady amin'ny Polisy Monisipaly. Hisy ny fizarana medaly sy amboara ho an'ireo rehetra mendrika mandritra ireo lalao ireo, hiatrika izany famaranana ny lalao Futsal izany ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana.

***Serge***



*Ato amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina no hatao ny lalao famaranana Futsal.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**8/09/18 hatramin'ny 15/09/18**

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 814-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**BIANCO MAHAJANGA**

# Vita ny famindra-pahefana teo amin'ny talem-paritra teo aloha sy vaovao

Ny alarobia 12 teo no nametrahana tamin'ny fomba ofisialy ny talem-paritra vaovaon'ny Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly na Bianco Mahajanga, tao amin'ny Villa la Rose, eny amin'ny Bord de la mer, Mahajanga Be. Nanotrona ny fotoana ny Prefe-n'i Mahajanga, ny Lehiben'ny faritra Boeny, Saïd Ahamad Jaffar ary ny tale jeneralin'ny Bianco, Andriamifidy Jean Louis. Andriamatoa Rehemana Edmond, tale teo aloha no nitantana ny Bianco Mahajanga nandritra ny enina taona ary handeha hisotro ronono izy, ka izao namela ny toerany ho an'Andriamatoa Ratsimbazafy Andrianirina Olivier izao. Tsy maintsy manaja ny "Fehin-kevitr'i Djakarta" sy ny "Fehinkevitra mahaleotena sy mangarahara" ny fampidirana mpiasa ao amin'ny Bianco. Ny fifanarahana iraisam-pirenena no mametra izany. Tsy olom-baovao fa efa zatra an'i Mahajanga


*Ny talem-paritra vaovao sy ny teo aloha any amin'ny Bianco Mahajanga.*

ihany ary efa niasa 10 taona teo anivon'ny Bianco Andriamatoa Ratsimbazafy Andrianirina Olivier, ireo no fantatra raha notanisaina ny momba azy. "Matoa mahantra ny firenena iray dia tsy voafehy ny kolikoly" hoy ny talem-paritra vaovao. Ny tsy fahafantarana ny lalàna, ny tsy fanajana azy ary ny tsy fampiharana azy ihany koa no fototra tsy mahafoana ny kolikoly hoy izy. "Raha ny any Mahajanga manokana no jerena hoy ihany izy dia hita taratra ny fanaraotam-pahefana, ny fanodinkodinam-bolampanjakana ary ny tsy fanajana ny fitsipika mahakasika ny "marchés publics". Na izany aza, dia tsy azo odian-tsy hita hoy izy ireo ezaka fiàlana amin'ny kolikoly efa imasoan'ireo sampandraharaha maromaro eto an-toerana". Vina telo no napetraky ny tale vaovao hifarimbonany miaraka amin'ny mpiara-miasa aminy, hiadiana amin'ny kolikoly any Mahajanga: ny fampiakarana ho 45% ny tahan'ny fitoriana raha oharina amin'ny fitarainana voaray, ny fanatsarana ny fampidirambola sy ny fitantanana ny volam-panjakana, ary ny fanatevenana ny tambazotran'ny tanora miady amin'ny kolikoly. Hafatry ny tale jeneralin'ny Bianco ho an'ny vahoakan'i Mahajanga kosa ny mba hiarahana miady amin' ny kolikoly satria "raha tsy misy hoy izy ny mpanome kolikoly dia tsy hisy ihany koa ny mpandray".

**Aly**

Miandrivazo

# Tonga any an-toerana ny Opération Mandio an'ny zandary

Zandary an-jatony no naparitaka nanampy ireo efa any an-toerana, any kaominina rehetra ao amin'ny distrikan'i Miandrivazo faritra Menabe, hetsika antsoina hoe Opération Mandio. Natao izao mba hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana izay mampikolay ny maro : naharavana fananana sy namoizana ain'olona maro. Omaly maraina izy ireo no niainga tao Miandrivazo renivohitry ny distrika ary hifampizara manerana ireo faritra mena. Opération Mandio no iantsoana ity hetsika ity, efa ny herinandro lasa teo no niainga ny andiany voalohany. Fitaovana azo lazaina fa harifomba no ampiasaina amin'izao hetsika izao, ny somary mahatonga resabe ho an'ny maro dia ny hoe taiza izany hatrizay? ka izao vao mody mikoropaka , ary ho voakasiky ny hetsika ve ireo faritra voatonontonona lava ho fanafenana sy famotsiana omby maloto sa hisy indray olomboafidy na manampahefana hanakana ? Toa ny fihetsiketsehana miaro politika no betsaka satria akaiky ny fifidianana. Ny azo hambara aloha hatreto dia ny fananan'ny olona efa ripaka avokoa, ny omby iasana tsy misy intso-


*Zandary hanao Opération any amin'ny distrikan'i Miandrivazo.*


ny ary taratra izany amin'ny vokatra tsaramaso izay ambany dia ambany ny taham-pamokarana amin'izao fotoana izao, nefa ity tsaramaso ity no vokatra anisan'ny mampalaza an'i Miandrivazo, ankoatra ny vary, ny paraky, ny trondro, ny volamena,…

**Serge**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 251**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0250)

***Mitsivalana***
- Vahiny
- Omena – Ar
- To – Osy
- Lasany
- Adinonay
- Vakana
- Osa – Telo (Miv)

***Mitsangana***
- Voalavo
- Ma (Miv) – Sada (Miv)
- Hetsika
- Inoana
- Na – Nono
- Lanio (Miv)
- As
- Tsiriry (Miv)

## TENY MIFANARAKA N° 251




**Mitsivalana**

**1.** Hiseho **2.** Romana – Tampisaka **3.** Andosirana **4.** Nanapaka – Mikoriana ao anaty **5.** Voankazo (Miv) **6.** Tampisaka (Miv) – Entana sy vola fanaovana toky **7.** Gia – Todika (Miv) **8.** Heno – Metaly (Miv) – Mpisolo tena (Miv) **9.** Saribao – Nizararoa (BL) **10.** Ilainay (Miv) – Zanaky i Raneny

**Mitsangana**

**A.** Endrika amam-bika – Ala, esotra **B.** Naoty – Asa maizina **D.** Fonenany – Fanitarana **E.** Fanafody – Hery sy tanjaka **F.** Alina – Ao amin'ny ratra sy fery **G.** Nandeha mora, nilamina **H.** Nitango zava-maniry **I.** Vizana – Tany mena **J.** Fitaovana fianarana **K.** Havoana sy tanimbary

### Valiny Teny mifanaraka 0250

**Mitsivalana**

1 Mpanakanto 2. Fo 3. Tapaka - Nao 4. Ady - Antsy (Miv) 5. Fiovanao 6. Ny (Miv) - Soa 7. Alahasaty 8. RR - Do - Tia 9. Nenina 10. Maa - Ondana

**Mitsangana**

A. Nitafy - RNM B. Adinareo D. Ampio -Na E. Voady F. Koa (Miv) - Hono G. Aingo - AN H. Fa (Miv) - Sa - ST I. Tontosaina J. An(atra) - Ota K. Voaray - Ba

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Marc Ravalomanana tany amin'ny faritra Menabe sy Vakinankaratra.











Ny minisitra Guy Rivo, nanampy tamin'ny fampandehanana jiro teny Soavimasoandro.





Ny tanora TIM Toamasina nanome fanampiana ireo mpianatra hanala fanadinana Bacc.



